## Andro eran-tanin'ny Radio
# Mbola voasara-bazana ireo mpanao gazety 2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 14 febroary 2019 Laharana 874 Vidiny : 400 Ar


## Radio Madagasikara 2
### Very olomanga sy feo manga, nodimandry i Herivalisoa


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Antsojain'ny fitondrana 3
# Nosamboriny ihany koa i Mbola Rajaonah



## Filoha Rajoelina 2
# Vahao aloha ny geja namatoranao ny firenena



## BORIBORITANY FAHA-3 (CUA) 5
### Manohy asa goavana fanadiovana ireo lakandrano



## «Permis de construire» 7
### Mivoha midanadana hatrany ny varavaran'ny CUA

## Mandroseza- Ambatoroka 7
### Potika sy simba ny lalana

## Fifidianana depiote 2
### Betsaka indray ireo misolelaka

## Daka kely
Iza indray no ho samborin'ialahy isany manaraka ry Boaikely a ?

## Andravoahangy Atsinanana 5
### Nanome fanampiana ireo traboina rava trano ny CUA



FIFIDIANANA SOLOMBAVAM-BAHOAKA

# Betsaka indray ireo misolelaka

Amin'ny talata 26 Feb-roary 2019 ho avy izao ny fanombohana ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahanko fidiana solombavambahoaka eto Madagasikara, raha toa ka ny 27 mey kosa no hotanterahina ny fifidianana eto amintsika. Efa mandeha ny kajikajy pôlitika samihafa, eo ireo efa mody manao asa soa sahady fa ho kandida, eo ireo tsy hita mihitsy fa mody miseho ho fantabahoaka ary milaza fa olom-baovao, eo koa ane fa ireo efa fanta-bahoaka ary efa diso manao zavatra loatra ary mbola te-ho kandida solombavambahoaka ihany koa. Fotoana natao hitsaran' ny vahoaka ny asan'ny tsirairay io, na toetra, na izay efa nataony sy mbola hataony ihany koa. Fifidianana manakaiky vahoaka mantsy ny solombavambahoaka satria io no natao hitondra ny hetahetan'izy ireo eny anivon'ny Antenimierampirenena. Tsy natao hanao lâlana mantsy ny solombavambahoaka, fa natao hanao lalàna. Fa sakana ho an'ny kandida sasany sahady ilay anto-bola 50 tapitrisa ariary satria maro ny kandida tsy manana io anto-bola io akory eto amintsika nefa mba te-ho depiote. Manginy fotsiny ny vola lany amin' ny fampielezan-kevitra sy ny fanomezana samihafa isaky ny kaominina satria tsy an-jaza io hoy ny mpanara-baovao, fa vola very fotsiny rehefa tsy lany eo. Aleo kosa aloha mba omeny ny fanjakana ny volany hoy ny hafa rehefa tsy nomeny antsika ihany. Mbola ady be io, ka izay tsy mahay vaky loha satria tolona ambony vatolampin'ny mpanao pôlitika malagasy ary samy te-ho manampahefana sy vola avokoa. Ho tsarain'ny havany eo daholo mantsy izay mpanao pôlitika tsy mamely nefa te-hisolelaka ho solombavambahoaka, ka mitetika ny hamita-bahoaka indray. Hotsarain'ny vahoaka io fa ny fantatra aloha dia tsy mihemotra ny fifidianana amin'ity taona ity.

***Rajo***

Fikambanana Tsorintsoa Atsimondrano

# Nanome fanampiana ho an'ireo sahirana

Ny fikambanana Tsiorintsoa ao Antananarivo Atsimondrano dia mijery ny olana ara-tsosialy mahazo ny mponina ao amin'ny distrikan 'Atsimondrano, hatramin'ny nisian'ny fikambanana nanomboka ny taona 2009, na dia asa mangina aza no natao tamin' izany. Ankehitriny, vao mainka atao mafimafy kokoa ny fitsinjovana ny mpiarabelona araka ny fanambarâna nataondRamatoa Haingoharijaona Nofy Lalaina filoha



*Ny hetsika nataon'ny fikambanana Tsiorintsoa Atsimondrano.*

mpitarika ny association Tsiorintsoa Atsimondrano ity. Notsinjoviny manokana tamin'izany ireo zaza sy reny izay miaina amin'ny fiainana tsizarizary ao Atsimondrano satria dia tsy ara-dalàna ny sakafony ary tsy arapahasalamana loatra ny toerana ipetrahany satria dia eny amin'ny fako no matory. Tohina ny fikambanana Tsiorintsoa mahita izany, ka nanome vatsy kely ary akanjo ho an'ny zaza. Nanome toky ireo reny ireo ny filoha Haingonavalona Nofy Lalaina fa hojeren'ny fikambanana akaiky izy ireo. Sarobidy loatra izany menaky ny aina sy reny nahitana masoandro iza-ny hoy izy ka mila arovana.

***Helisoa***

Radio Madagasikara

# Very olomanga sy feo manga

Nodimandry teo amin'ny faha-50 tao- nany RAVALISOA Andriamaherimanana Ratsizafy, fantatra amin'ny anarana hoe Hery Valisoa. Mpiasan' ny Radio Madagasikara (RNM), mpanentana fandaharana, Poety , mpamelona tantara, mpikambana ao amin'ny Faribolana Sandratra. Ny taona 1996 i Hery Valisoa no niditra niasa tao amin'ny Radio Madagasikara, niandraikitra fandaharana maro izy, fan- daharana mameloma ny hambompompitiavana ny tanindrazana amin' ireo mpiray firenena indrindra ireo tanora. "Ireo voromanga", fandaharana niandreketany nentina nanasongadinana ireo olomangan'ny firenena mba ho fakan-tahaka. "Ny ela niheteza-na", fandaharana nenti- ny nijoroana vavolom- belona ho an'ireo olona nahomby teo amin'ny sehatra isan-karazany, ka tokony "hotahafin'ny mpiray tanindrazana. "Fanahy mirenty teny", fandaharana niandraiketany nanasongadinany ireo mpanoratra sy ny asa-soratra literatora iarahany amin'ny Havats-Upem sy ny Faribolana Sandratra. I Hery Valisoa ihany koa no nanome ny anaran'ny fandaharana hoe "Fanahy mirenty te-ny". Mpilalao tantara an' onjampeo ihany koa i Hery Valisoa . Nahenoana ny feony mamelona tantaran'ny RNM sy ireo radio tsy miankina amin' ny fanjakana maro teto an-drenivohitra. Teo



***Ny mpanentana fandaharana sady mpanoratra sy poety, Hery Valisoa.***

ampiomanana hamokatra amboaran-tonokalo izy izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Marihina fa teo amin'ny faha-20 taonany izy no efa nanoratra , ny tononkalon'i Ra- do sy Ranja Zanamihoatra no isany nankafiziny. Toy izany koa ireo mpanakanto: Ny Railovy sy Jérome Randria , teo koa ny fankafizana ireny rehetra ireny ka namelona ny talentam-panoratany niafina tao anati- ny. Namela kamboty iray sy mananontena izy. Ny nofony dia hiala ao amin'ny CNEAGR Nanisana ny zoma 15 febroary izao amin'ny 8 ora maraina ary ho entina hanomezam-boninahitra an'Andriamani- tra ao amin'ny FJKM Andravoahangy Fivavahana, alohan'ny hameterahana ny nofo mangatsiakany ao amin' ny fasandrazany ao Ambohitompo Kaominina Vilihazo, distriakan'Antananarivo Avaradrano.

***Serge***

Andro eran-tanin'ny Radio

# Mbola voasara-bazana ireo mpanao gazety

Nankalazaina omaly 13 febroary ny andro eran-tany ho an'ny Radio. Loha-hevitry ny fanamarihana omaly, izay andiany faha-8 ny hoe: "fifampiresahana, fandeferana, ary fandriampahalemana: dialogue, tolerance, paix". Tao antokontany malalaky ny Radio Madagasikara etsy Anosy no nanamarihana izany andro eran-tany izany, nandray anjara tamin'izany, ankoatra ny mpanao gazety sy ny mpanentana fandaharana ao amin'ny Radio Madagasikara (RNM), ireo mpanentana fandaharana sy ireo mpanao gazety avy amin'ireo radio tsy mainkina maro eto an-drenivohitra. Nandeha mivantana tamin'ny Radio Madagasikara, sy ireo radio tsy miankina maro ireo ny ady hevitra sy ny fanentanana maro samy hafa nandritra izao fanamarihana izao. Anisan'ny voaresaka manokana nandritra ity fotoana ity koa ny resaka areti-mifindra kitrotro, izay aretina ao anatin'ny hamehana eto amintsika amin 'izao fotoana, nitondra ny fanentanana tamin'izany ny avy amin'ny ministeran'ny fahasalamana, ny mponina ary ireo mpiara-miombon'antoka toy ny OMS, ny JSI, ny USAID Amerikana,... Voalaza fa azo atao ny mamongotra ity aretina ity amin'ny fotoana voafetra rehefa mazoto manao vaksiny ny rehetra n any ankizy, n any lehibe. Fa momba ny loha-hevitra: fifampiresahana, fandeferana, fandriampahalemana, raha ny ao anatin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety sy ny radio manokana, mbola azo lazaina ho tsy misy izay fifampiresahana sy fifandeferana izay satria dia mbola azo lazaina ho voasarabazana ny mpanao gazety noho ny antony politika, sy noho ny antony samy hafa... Asa raha ho voavahan'ny ministra vaovao Lalatiana Rakotondrazafy izany, satria izy no anisan' ny mpanakiana, sy azo lazaina mihitsy ho mpampisarabazana tao amin'ny fampielezam-peo notantaniny ni- aloha izao naha-ministra azy izao.

***Ny Valosoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Filoha Rajoelina : vahao aloha ny geja namatoranao ny firenena

Marobe ny zava-tsarotra mamatotra ity firenentsika ity ankehitriny, ary miha- mangeja hatrany izany. Misy aloha ny olom-pirenena no efa kely fanantenana manoloana izany na dia eo aza ny volana an-tenda sy fampanantenana marobe fa ho avotra ity firenena ity. Raha ho an'ny mpandinika sy mpamakafaka, dia sarotra ny lalana satria feno "vato mandondona" na dia ezahin'ny fitondrana afenina mafy aza izany. Aoka koa hazava anefa, fa tsy fomban'ny Malagasy ny mihinan-kena tsy fantatra. Tena kolontsaina Malagasy izany. Ny an'ny Malagasy, dia mila mazava tsara sy fantany marina ny fiavian'izay hiditra ao am-bavany, eny na dia amin'izay farahidiny indrindra aza. Ny fanaovana tian-kano tsy tiankano azy dia ekeny eo imaso fa ao ivoho misy fiantsoana tody. Tsy fihatsarambelatsihy akory izany, ary tsy toetrany loatra izany amin'ny ankapobeny, fa ny zavatra niainany hatramin'ny taona maro izay teto amin'ity Nosy ity sy ny nahitany ny "vato" natatao eo amboniny ho toy ny loza mitatao aminy mandrakariva, ka tsy ahafahany mihetsika isaky ny mba misy fikasàny tsara mitsiry no niteraka izany fihetsiny izany. Mahatsapa izy fa ao anaty fatotra mafy ankehitriny ary manahiran-tsaina azy andro aman'alina izany. Izay fahoriany izay dia fantatry ny fitondrana tsara na matetika odiany tsy hita aza, dia ireny iaraha-mahita ireny ny fandaniana volam-bahoaka mihoa-pampana amin'ny fotoana samihafa. Raha tena mahatsapa izany fandaniana ataony izany ny fitondrana dia tokony hiezaka hilofo fatratra amin'ny fanonerana izany amin'ny fampidirana vola ambony lavitra noho ny laniny, ka tsy tokony ho fatiantoka no hitranga. Ohatra iray lehibe raisina ihany koa, dia ny momba ny fatiantoky ny vahoaka mpanjifan'ny orinasa Jirama. Firifiry izay ny vola fatiantoky ny vahoaka mpanjifa tao anatin'izay olana avy amin'ny Jirama izay eo amin'ny resaka fampiasana herin'aratra, indrindra tao anatin'ny delestazy mampiteny moana izay. Tsy misaina kely akory ny hanonitra izany anefa na kely aza ny fitondrana sy ny Jirama. Mampanantena be fa hampiakatra ny famokarana herin'aratra ho avo roa heny farafahakeliny manerana ny Nosy ity fitondrana Rajoelina ity izao. Nambara koa fa manomboka amin'ity taona 2019 ity dia hanomboka hisintaka amin'ny fanampiana ara-bola aminy ny fanjakana. Tsara izany, saingy ny ahiahy dia hanao ahoana ny fanonerana ny mpanjifa raha toa ka misy ny fahavoazany amin'ny endriny maro isan-karazany. Niaraha-nahita tsara ireny, fa tamin'ny fitondrana nodimbiasiny dia niala maina tanteraka tsy namakiana loha ny mpanjifa tamin'ny fatiantoka goavana nahazo azy. Efa nambarany izany fa raha ho an'ny olon-kendry kosa, dia mampahatsiahy ilay tenim-pahendrena hoe"Ny vava no tsy atao be ny mamerina azy no tsy tanty", ary "Ny teny toy ny salaka, ny tompony ihany no afatony". Koa raha mahatsapa marina izay "vato mandondona" eo ambonin'ny firenena izay, dia tsy tokony hidehaka velively ho toy ny zavatra sy hisongadina noho ny hafa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, satria ny filoha Andry Rajoelina izay midehadehaka io ankehitriny dia mpanongam-panjakana efa voasazin'ny iraisam-pirenena, ka ao foana izay tarazo ao aminy izany na voalaza fa voafidim-bahoaka aza izy farany teo, tsy adala na hoe tsy maharaka ny iraisam-pirenena fa fantany tsara fa halabato be vata sy teritery tamin'ny fomba samy hafa no nandresen-dRajoelina tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo.

***Sôh'son***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fitondran-dRajoelina : mitady famatsiam-bola amin'ny mpamatsy vola mahazatra indray

Fa angaha mila famatsiam-bola avy any ivelany indray ny fitondrana Rajoelina? Natao nahoraka tokoa mantsy fa nihaona tamin'ny filohan' izatsy na izaroa ny Filoha, mba hijerena haingana ireo fiaraha-miasa amin'i Madagasikara amin'ny any ivelany, ary dedaka ery ry mpisolelaka isan-tsokajiny tamin'izay. Hay va re ka tsy maintsy mangataka sy milela-paladia amin'ireo firenena sy ireo mpamatsy vola any ivelany ihany isika. Nalaza tao ho ao fa nandritra ny Tetezamita , tsy nilaina vola avy any ivelany akory dia afaka nandroso i Madagasikara . Ny tena marina dia nandroso nihemotra nanara-penitra tany amin'ny laharana Faha-5 amin'ny firenena faran'izay mahantra indrindra i Madagasikara. Nanjaka ny gaboraraka teto an-toerana, ka ny harem-pirenena no naondrana an-tsokosoko toy ny andramena , ny volamena sy ireo vatosoa , sns… Ankehitriny , ilaina indray ireo mpiara-miombon'antoka sy mpamatsy vola, fa raha tsy izany tsy afaka mandroso i Madagasikara kely. Ny sangisangy zary tenany ataon'ny hafa aza nilaza fa ny firenenao aloha havotana , izay vao milingidingitra hiditra eo amin'ny sehatra Afrikana sy ny sehatra iraisam-pirenena matanjaka. Ny mpitondra vahiny tsy olona azo fitahana amin'ny vinan'ny nofinofy, ka hanome ny volany amintsika mora foana eo fa tsy maintsy misy tambiny ary aza manantena tsy misy satria hoe filoham-pirenena zandriny indrindra eto Afrika no mitondra an'i Madagasikara. Ny mety indrindra dia aleo isika ihany no samy miezaka hampandroso ny firenentsika ka ialàna impito mandi- fotr'olona ny endrika fanilikilihana sy fanenjehana etsy sy eroa. Raha ny zava-misy ankehitriny mantsy dia toa mirona any amin'izany no mitranga ary ny mifanohitra amin'ilay velirano sy ny vina IEM no lalan'ny mpitondra. Mbola tsy tara isika hatreto fa azo ahitsy izay vilany mitongilana Andriamatoa filoha. Na tia na tsy tiana, na voalaza fa voafidimbahoaka azan y filoha Andry Rajoelina, mbola ao ihany ny tarazony izay mpanongam-panjakana, efa nosazian'ny iraisam-pirenena niaraka tamin'ireo mpanongam-panjakana 108 niaraka tamin'ny taona 2009. Matoa izy niteny teo aloha fa tsy mila mpamatsy vola fa efa vonona ny famatsiambola izay tsy voalazan-dRajoelina hoe avy aiza, na nosokirina toy ny inona aza izy tamin'ireny fampielezan-kevitra ireny, dia mety ho efa tao tokoa izany famatsiam-bola izany, nefa mety ho famatsiambola mirazotra, nefa hafa ihany ny famatsiambola mahazatra satria izay ihany no mampisokatra ny lalampamatsiambola hafa rehetra, na eo amin'ny sehatry ny fanjakana io, na amin'ny sehatra tsy miankina. Ka izany no mahatonga ny filoha Andry Rajoelina, filoha napetraky ny CENI sy ny HCC, tsy maintsy hitodika amin'ny mpamatsy vola mahazatra satria tsy azo ialana ireo, na ahoana na ahoana.

***Rajaonarimpanontsana***

Fitondrana sy Franc- maçon

# Mbola voazanaka isika ankehitriny

Mpikambana na tsia ao anatin'ilay fikambanana hafahafa antsoina hoe: "Franc-maçon ve ianao? Fanonataniana napetraka nandritra ilay fandaharaha "Ho eny lavoloha " teo amin'ny kandida Marc Ravalomanana sy Andry Rajoelina izay. Mazava ny valin-tenin'ny filoha Marc Ravalomanana fa ny an'ny ankilany kosa niholakolaka vao namely, fa tsy ao anatin'izay ny tenany . Ekena ny valiny fa raha tena dinihana akaiky ny famakafakana dia misy ny marika iraisan'ireo Franc-maçon , telozoro , ary samy nahita izay koa ny mpanara-baovao fa nisy izay marika izay teo aorian'Andriamatoa Andry Rajoelina rehefa nanao fandaharana manokana tamin'ny fahitalavitra iray. Haingon-trano tahaka ny haingontrano , hono, ireo araka ny fanambarana etsy sy eroa. Ny zavatra tsy azo lavina kosa anefa dia misy olona mpikambana avy ao anantin'ny Franc-maçon miara-miasa akaiky amin'Andriamatoa filoha , nomena andraikitra ambony , hatreto antanidrazana, ka hatreny ivelany . Na inona filaza na inona lazaina dia miara-mipetsapetsapa amin'io fikambanana io ny fitondrana Rajoelina. Ny Frantsay no isan'ny mpikambana matanjaka ao anatin'izany sehatra izany , ary araka ny fantatra dia tsy mino ny Andriamanitra ivavahan'ny Malagasy izany Francmaçon izany fa zavatra hafa mihitsy, mba tsy hilazana hoe: asan-devoly . Matanjaka ara-pinoana, izay heveriny ho finoany sy ara-poto-kevitra izy io ary efa mihanaka manerana ny firenena maro. Sehatra iray ihany koa hahafan'ny Frantsay mangeja ireo zanataniny teo aloha. Ny faritra Afrika no tena amaharany tahaka an'i Madagasikara ary maro amin'ireo filoham-pirenena Afrikana no voatery miditra ao anatin'ny Franc -maçon, na fidiny na tsy fidiny sao tsy mahita ravinavaratra amin'i La Frantsa Reny Malalan'ny sasany. Andriamatoa Sarkozy, filohan'ny Frantsay teo aloha tsy tongatonga ho azy teto Madagasikara , nanatrika ny lanonana fiainianana nataon'ny filoha Andry Rajoeilina teo Mahamasina ary ingahirainy io no nitondra ny firenena Frantsay nandritra ny fotoanan'ny Tetezamita 2009 nitranga teto Madagasikara. Mbola tazonin'ny Frantsay mandrak'ankehitriny ny fifanarahana nataony tamin'ireo Zanataniny fa tsy maintsy izy no tompon'ny teny farany izay hitondrana ny firenena nozanahiny. Natao ny Ni … Ni , natao ihany koa ny hala-bato avo lenta nandritra iny fifidianana filoham-pirenena teto amintsika iny ary miharihary tsy takona hafenina izao fa mbola voazanaka isika ankehitriny . Ny mponina eny amin'ny faritra iva sy eny amin'ny faritra aza efa lasan'Olon-tokana ka samia isika tonga saina rey olona ary mialoha ny fifidianana solombavambahoaka sy ireo vondrom-bahoakam-paritra dia tokony hahay handinika sy mamakafaka tsara isika mba hanilihana izay fanjanahana amin'ny endriny vaovao izay, mba holovain'ny taranaka aman-para fa tsy ny Zanaka MAPAR sy ny Frantsay.

***Rajaonarimpanontsana***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy ary ny mpitondra izao alahelo sy fitarainana manaraka izao: ny olona avy aty amin'ny faritra no nifidy anao sy nanao ainy tsy ho zavatra nahalany anao Andriamatoa Filoha. Aty amin'ny faritra no misy ireo harena sarobidy rehetra mamelona an' Madagasikara. Ny ambany tanàna ihany koa no nifidy nandany anao tao Antananarivo. Valiny: Governemanta 23 minisitra, olona avy amin'ny faritra ivelan'Antananarivo 3 raha misy. Dia sanatria ve zany dia bado sy tsy mendrika daholo ny lehilahy avy amin'ny faritra rehetra manerana ny Nosy? Ny Nominations amin'ireo asa ambony na présidence na PRIMATURE dia saika olona avy amin'ny faritra afovoantany. Ankoatra izany, tsy misy avy amin'ny ambany tanàna na iray aza ny ao @ Gouvernemanta . Sambosamborinareo sy Gadragadrainareo ny zanaky ny faritra rehefa tsy misy ilanareo azy instony. Kanefa ireo zanak'iarivo mpambotry firenena sy nanao sonia ireo contrats mamoafady rehetra eto @ firinena dia miriaria toy ny tsy nisy loza nataon'izy ireo. Rebirebenareo @ vary mora sy kabary kobakambava mora ny any @ Faritra. Notapahanao ny ankamaroan'ny fifandraisanao tamin'ireo Ray amandreny avy aty @ faritra rehefa lany ianao ka vita ny nilanao azy ireo. CV avy ao Antanarivo daholo no tonga any @ ireo ministera hatao SG, DG, DIR, DAF, PRMP... sy ireo asa ambony rehetra. Izany rehetra izany no anton'ny fitarainanay Andriamatoa Filoha.

***Razafindrasambo Anselme***
***Lot….. Tanambao Farafangana***

Antsojain'ny fitondrana

# Nosamboriny ihany koa i Mbola Rajaonah



***Ny mpandraharaha Mbola Rajaonah.***

Nosamborin'ny mpitandro filaminana omaly tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany tolakandro teo, tetsy Antsaha-be, i Mbola Rajaonah, mpanolotsaina manokan'ny filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina ary nanohana ny filoha Marc Ravalomanana, tamin' ny fifidianana filohampirenenna farany teo. Marihina fa tsy nampiseho taratasy ireo olona nisambotra azy, hany ka tsy nisy nahafantarana azy ho mpitandro filaminana dia tsy nanaiky hivoaka tao anaty fiara i Mbola Rajaonah rehefa nahita ireto olona misaro-tava mitondra basy. Rehefa nangataka taratasy i Mbola Rajaonah dia novakian'ireto farany ny fitaratry ny fiara nitondra azy, ary avy hatrany dia nentina teny amin'ny Brigade Criminel ary nosavaina manontolo ny fiara nitondra azy, toy izany ihany koa ny mpamily sy ny sacoche nentiny. Na dia tsy nahitana na inona na inona aza tao anaty fiara nandritra ny fisavana natao , dia tazonina ao amin'ny BC Anosy izy sy ny fiarany , ary ny sacoche notazonin' ny mpitandro filaminana. Marihina fa na nangataka mafy aza ny mpisolo vava an'i Mbola Rajaonah dia tsy nisy mihintsy taratasy nasehon'ny polisy nahafahana nanao ny fisamborana sy fisavàna . Fa raha ny vaovao azo tamin'ireo nisambotra dia ny minisitry ny fitsaràna no nanome ny baiko. Ny mahagaga amin'ity fisamborana ity dia angaha tsy maintsy niafara tamin'izao ohatra ny misambotra JIOLAHY izao no atao amin'ity mpandraharaha ity? Raha ny zavamisy mantsy dia tsy mbola nandà fampiantsoana teny amin'ny BIANCO sy ny mpitandro filaminana i Mbola Rajaonah rehefa nisy ny fampiantsoana azy . Eto izany dia mitohy ny antsojay ataon'ny fitondrana ka lasibatry ny fitondràna TGV ny olona akaiky ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina. Nosamborina Hugues Ratsiferana dia izao indray Mbola Rajaonah, dia iza indray ny manaraka?...

***Helisoa***

TONONKALO

## TSY KISENDRASENDRA AKORY

Tsy kisendrasendra akory ny mitranga ankehitriny.
(Diso be ny fiviliana ho amin`iny lalana iny!)
Jiolahy no nohobian`ny mpitandro filaminana,
Ary indro fa nilaozana ilay lalam-pahamarinana.

Tsy kisendrasendra akory ny niakaran`ny dahalo.
(Miaramila sy zandary , ireo no diso fahavalo!)
Nisy taminy mihitsy no indro lavon-kolikoly,
Ka nanaiky tsotr`izao ny hobaikoin`ny devoly.

Tsy kisendrasendra akory ireto loza mifanesy
Mampikaika ny vahoaka , izay mahatsiaro ho toy ny resy,
Fa dia tena lakolosy entina mba hilazana
Hoe tsy vitan`ny mpandrava ny mitondra fanjakana.

Tsy kisendrasendra akory ireny rehetra rehetra ireny,
Fa ny asan`ny devoly , re sy hita ombieny ombieny.
Koa meteza handini-tena ry vahoaka Malagasy,
Aoka ho anatry ny sisa izay nitranga teto an-dasy.

***DADAN`i ZINA (11-02-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fizarana fanampiana nataon'ny fikambanana Tsiorintsoa teny Atsimondrano.





Ny fivoriana fanomanana ny fifampiarahabana tratry ny taona ny TIM.K25 boriborintany faha 6





## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy ravimboatavo ary angivy** indray no laoka, amin'ny sakafo amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Tsipolitra, fanafan'ny aretim-po sy tosi-drà

Ny tsipolitra dia fanafana amin'ny aretim-po sy tosi-drà. Tsipolitra- tanehina sy sotroina kaopy, iray maraina, antoandro ary hariva, nefa tsy azo atao matetika loatra satria mampahia. Tongolo lehibe na tongolo gasy: hanina manta matetika, tongolo manta, atao lasary, ka tsy asiana sakay fa hoanina tsotra. Voanenina, tanehina ny raviny dia sotroina. Ravina "petite mandarine", tanehina dia sotroina marain-tsy hariva (azo asiana siramamy). Ravinala, tanehina ny raviny, sotroina maraina sy harina(eran'ny kaopy 1).



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Antsalova any amin'ny faritra Melaky

Ny tanànan'Antsalo any amin'ny faritra Melaky indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. 105 m no haavony miohatra amin'ny ranomasina. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'Antsalova. Anisan'ny mampalaza azy ny fiompiana omby, noho izany no anisan'ny maha-faritra mena azy eo amin'ny tsy fandriampahalemana. Ny vokatry ny fambolena kosa dia ny vary, ny katsaka ary ny mangahazo. Eo amin'ny fizahantany, ny mampalaza azy dia ny Tsingin'i Bemaraha.



facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Angaha tsy mbola tafidina 2000 Ar ihany ny 1 euro?

**Justin Rakotomandimby** : Androany: 1euro=4050Ar. Aiza ilay hoe rehefa tonga eo aho 1euro=2000Ar. F'angah tsy DECRET fotsiny indray izany dia vita?

**Rivo Andriamasihaja** : Manahirana politika .... Mahasahy milaza zavatr ny olona, zavatr tsy ho tanteraka akory.

**Brice Danoly-Nirina Rakotomanga** : toy izao ny sandany izao harivariva izao, efa mihoatra ny 4000 Ar ny 1 euro, tsy ho voafehin'ny fitondrana mpanongam-panjakana io sandam-bola io.

**Domoina Rasamoelson** : nareo koa ve ahoana e ? Zany ary ve ho marina ?

**Alice Hantanirianarivelo** : mora ny midradradradra fa ho sarotra ny hanatanterahana azy an ! ... mazotoa ianareo eo amin'ny fitondrana fa ho sarotra no hampidina ny Ar ho 2000 Ar izany.

**Rajhon Tovo** : mbola mifety ny chinois no tsy mampiakatra io. Mankalaza ny taombaovany, asaramanitra zareo.

**Serafiara Malagasy** : RATSIETISON Candidat no nanao an' izay.

**Tolotra Bbcm** : tena izy v no niteny anzan? Na tsy niteny izany aza Rajoelina, be ireo fampanantenana tsy ho tanterany, tsy mila mpamatsy vola, izao miantso mpamatsy vola, Miami, building, ho nofinofy koa ary ny vahoaka madinika no ho lasibatra amin'izany satria efa manomboka hesorina amin'ny taniny izy ireo.

**Mau Lau** : ngah io lany io no niteny an'izany ?

**Verohanta Andrianavalona** : ka ts tokon efa hidina ve io euro io amzao eh!! Ny tena mahazo aina amin io anie de reny expatrié reny satria tena migalabona mints zareo amin'ny ty sandam-bola ambony be ty fa ny gasy kely no mijaly amin'ny vidim-piainana miakatra be.

**Odette Lisinirina** : ho sarotra amin' izao fitondrana efa nanjakan'ny kolikoly hatramin'ny tetezamita izao ny hampidina ny euro izany. Ny mbola hanohy ny famenoana ny paosiny ihany no ataony satria be ny vola nindramina tamin'ny fampielezan-kevitra tsy maintsy haverina.

**Aline Ramahefasoa**: afaka 6 volana ny tombana voalohany ho an'ity fitondrana ity, mbola tsy ho tafidina hatramin'izany fotoana izany ny sandan'ny euro sy dolara lasa miakatra io.

**Robert Ranaivoson**: sarotra amin'ny efa mpamoatika firenena hatramin'ny tetezamita ny hampakatra ny sandan'ny vola Malagasy sy ny toekarem-pirenena izany, toy ny efa voalaza teo aloha, hameno paosy sy hanonitra ny vola nolaniana tamin'ny propagandy aloha no maha- maika ny mpitondra ankehitriny.

**Auguste Fanaperana**: mpitondra efa namotika firenena, tsy hanavotra ny firenena izany, Tanana efa zatra nitsotra tsy hivonkona izany.

**Théodore Rabenjarison**: mpamotika firenena sy mpanongam-panjakana, tsy hahatafarina ny firenena izany.

**Auréa Raniriarison**: mpanongam-panjakana, mpanagala-bato, tsy hanavotra firenena izany, tsy hanavotra ny vahoaka Malagasy izany, ny vahiny ny azy aloha no laharam-pahamehana, ny Malagasy kosa manomboka roahany amin'ny taniny.

**Mamy Ramonjarison**: lanja miakatra io sandan'ny Ariary miohatra amin'ny euro io, miakatra miakatra hatrany, izany hoe: hidina hidina hatrany ny sandam-bola Malagasy satria ny toekarena tsy hiakatra izany mihitsy satria tsy manana politika ho amin'izany ny mpitondra mpanongam-panjakana.

**Ursule Behavana**: petit DJ putschiste, tsy ho messie mpanavotra firenena zany avao, ne rêvez pas, k'aza manonofinofy antsika.

**Bertrand Ravelojaona**: mitontongana ny toekarem-pirenena satria miram be na miadana dia miadana ny fampiharana ny IEM, toa tsy misy akory aza ilay IEM fa ny to any Fisandratan-dRajao sy ny MAP-n'i Dada ihany no alaindRajoelina tahaka ankehitriny.

**Nomena Raveloarison**: hiha-hahantra, hihahahantra hatrany i Madagasikara, mpitondra tsy manana vina fa mampanonofinofy ve hampandroso, ho very ny firenena, ho very ny vahoaka satria ny vahiny no omen-danja eto amintsika.

**Joel Ravahatra**: fitondrana tsy mamely mihitsy ilay fitondrana amin'izao, ho farahidiny isika raha ireo no hitondra mandritra ny 5 taona zany, mila mieritrertitra isika vahoaka...

## NY TENY FIAINANA

*Miantrà ny olona marina araka izay ilainy; mazotoa mampiantrano vahiny.*
***Romana 12:13***

### Boriboritany faha-3 (CUA)

# Manohy asa goavana fanadiovana ireo lakandrano

Nanohy asa goavana fanadiovana tatatra sy lakandrano ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) foibe, sy ny Boriboritany fahatelo omaly maraina. Faritra maro ao amin'ny boriboritany fahatelo no anatanterahana izany fanadiovana izany toy ny : tetsy Besarety, Ampandrana, Andravoahangy Atsinanana, Mahavoky sy ny manodidina. Omaly dia natomboka teo amin'ny Rasalama nihazo an'i Besarety midina hatrany amin'ny Garage David iny ny fanadiovana lakandrano na caniveau manamorona ny arabe sisiny 2, izay vinavinaina ho vita ao anatin'ny 4 andro, ka ny fanalana ny fako sy ny fasika no tena natao tamin'izany ary ny fanilihana ireo sarona "dalle" mba hanamora ny fanadiovana . Nanatanteraka ny asa teny an-toerana ny "Equipe Mobile d'Intervention" miisa 16 lahy sy ny ekipan'ny Boriboritany fahatelo 4 mirahalahy. Anio dia hanatevina ny hetsika ny Ekipa avy ao amin'ny DTP na Direction des travaux Publics izay miisa 16 lahy . Nandamina ny fifamovoizana teny an-toerana ihany koa ny Polisy Monisipaly 2 avy ao amin'ny Boriboritany Fahatelo. Rehefa vita ny fanadiovana lakandrano rehetra dia hiditra amin' ny fanadiovana lakandrano lehibe ao Besarety sy Mahavoky sy ny manodidina indray ny CUA . Natao izao hetsika izao mba hisorohana ny fisondrotan'ny rano eny an-toerana sy ho fitsinjovana ny vahoaka mipetraka eny amin'ny faritra iva. Tonga nanokatra ny asa teny an-toerana ny Lefitra faharoa ny Delegen'ny boriboritany fahatelo, Hery Raliderson sy ny Lehiben'ny Sampandraharaha ara-tekinika ny boriboritany, Andrianaivojaona Lova.



*Fanadiovana lakandrano tao amin'ny Boriboritany faha-3.*

***Helisoa***

### Polisy Monisipaly (CUA)

# Miara-miasa amina polisy monisipaly avy any Frantsa

Hatevenina ny fahaizamanaon'ny Polisy Monisipaly eto amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny sehatry ny lalàna sy ny fampiharana izany no isany hatsaraina sy hatevenina ankoatry ny fahaiza-manao hafa. Polisy Monisipaly malagasy monina , sy miasa any ampitan-dranomasina, Soulé Rakotomanana, no miton- dra ny fahaizamanaony sy mizara ny traikefany ho an'ireto Polisy Monisipaly Malagasy eto Antanarivo ireto. Mandritra ny fotoana andalovany eto an-tanindrazana no anantanterahany izany , misy ihany koa fampitaovana toy ny fanamiana nentiny ho an' ireo Polisy Monisipaly eto Antananarivo. Zavadehibe ho an'ireo Polisy Monisipaly eto Antananarivo ny fisian'ny fiofanana toy izao araka ny nambaran' ny solontenany RAKOTOVOLOLONA Christophe, lehiben'ny sam- pan-daraharaha ao amin' ny Polisy Monisipalin'ny Renivohitra. Tsy vao izao akory no tonga mizara ny traikefany ho an'ireo Polisy Monisipaly eto Antananarivo fa isan-taona ity Polisy Monisipaly avy any Frantsa ity no tonga eto amintsika mizara ny traikefany amin'ny mahaMalagasy azy. Noraisin' ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Olivier Randrianarisoa ity Polisy Monisipaly avy any an-dafy ity afak'omaly.



*Ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna sy ny Polisy Monisipaly avy any Frantsa, Soulé Rakotomanana.*

***Serge***

### Andravoahangy Atsinanana

# Nanome fanampiana ireo traboina rava trano ny CUA

Nanolotra vary 7 gony , menaka 4 baoritra , sceau sy cuvette 40 isa ho an'ireo traboina rava trano sy nesorina tamin'ny tranony, tetsy Andravoahangy Atsinanana omaly ny Lefitra voalohan'ny Ben'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Randrianarisoa Olivier, izay notontosaina tetsy amin'ny kianja mitafo Besarety, misy ireo traboina amin' izao fotoana izao . Tonga teny an-toerana ihany koa ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo, Hery Razafintsalama sy ny Delegasiona ny CUA miaraka amin'ireo ELGRC na "Equipe Locale de Gestion et de Risque et Catastrophe ", avy eny amin'ny fokontany . Traboina miisa 76 izay nahitana fianakaviana 18 na 19 eo no nahazo fanampiana tamin'izany ; ankoatra ireo dia nisy ireo traboina sasany efa lasa nody any amin'ny havany . Hisy ireo Dokoteran'ny kaominina Antananarivo Renivohitra hijery akaiky ny fahasalaman'izy ireo eny an-toerana, indrindra ireo olona bevohoka efa miandry andro, amin'ny fandraisana an-tanana amin'ny fiterahan 'izy ireo. Nanentana amin'ny fanajana ny fahadiovana eny an-toerana an'ireo traboina ihany koa ny tale misahana ny raharaha sosialin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Dr Andriantseheno Prisca, ny amin'ny tsy tokony hanaparitahana ny fako ary tsy tokony hanao maloto eny rehetra eny, fa efa misy ny Wc sy douche ho azy ireo. Natao izao hetsika izao ao anatin'ny fitsinjovan'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ny vahoaka traboina, sy ny vahoaka sahirana.



*Ny mpitantana ny CUA nanolotra fanampiana traboina.*

***Serge***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

HOPITALY ANDROVA MAHAJANGA

## Nohavaozina ny tobi-pitsaboana ho an'ireo tra-pahasembanana

Notokanana ny fotodrafitr'asa nasiampanavaozana sy ny fampitaovana ny Sampandraharahan'ny fahasalamam-bahoaka any Mahajanga ny alakamisy teo, hopitaly be CHU PZAGA Androva. Nambaran'ny Talen'ny CHU PZAGA Androva Mahajanga, Profesora Tiandaza Dinaraly Odilon, fa ny fitsaboana atao ao amin' ny "Service d'Appareillage et de Rééducation" (SAR) dia natao indrindra hitsaboana ireo tra-pahasembanana ara-batana dia efa manaraka ny fenitra iraisam-pirenena sy ara-kalitao. Maimaimpoana ny fikarakarana ny zaza voan'ny mivadi-tanana sy mivadi- tongotra ary raisin'izy ireo an-tanana ny fanabeazana



*Fitaovana vao azon'ny hopitaly Androva Mahajanga.*

ireny olona manana tsy fahatomombanana ara-batana ireny, mba hananan'izy ireo fizakan-tena. Marihina fa anisan'ny nanampy betsaka teo amin' ny lafiny fanamafisana traikefa ho an'ny mpiasa eo anivon'ny SAR ny "Association de Médecine Physique et de Réadaptation", na ny fikambanan'ny mpitsabo ny tra-pahasembanana eto Madagasikara. Tetik'asa Mahery no ana- ran'ny tetik'asa, izay mijery manokana ny olona manana fahasembana-na. Nanomboka ny tao-na 2018 no niasany tany Mahajanga ary telo tao-na ny faharetany. Maherin'ny 100 ireo zaza efa noraisin'izy ireo an-tanana amin'ny fitsaboana maimaimpoana, raha toa ka manakaiky ny 1 000 no tanjona napetraka. Ny fikambanana iraisam-pirenena Christoffel Blinden Mission miasa eto Madagasikara no na- matsy vola ny tetik'asa sy manome tohana ara-tekinika azy ireo. Izao fotodrafitr'asa izao dia tombontsoa manokana ho an'ny faritra Boeny amin'ny fanampiana ny olona manana fahasembanana, ka mba hanana fahaleovan-tena tokoa anie izy ireo ary mba ho tena lova manova izao fanavaozana ny SAR izao hoy ireo manampahefana tonga teny an-toerana niray feo.

**Aly**

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Manao ezaka fanomezana kopian'ny soram-piankohonana maimaimpoana

Ho fanampiana ireo ray aman-dreny amin'ny fanomanana ireo mpianatra amin'ireo fanadinampanjakana. Ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia mikarakara soram-piankohonana maimaimpoana ho an'ireo zaza latsaky ny 12 taona tsy mbola manana izany. Nanomboka ny 12 ka hatramin'ny faha 19 febroary no fandraisana ireo antontantaratasy mahakasika izany ao amin'ny biraon'ny Boriboritany eny Ambatomaity. Koa entanina ireo ray aman-dreny mba hanatona ny varavarana faha 13 ao amin'ny boriboritany fahadimy maka ny fanazavana fanampiny.

**Aly**

Bongolava

## Mirongatra ny biby mpanimba ny voly katsaka

Lany haiky avokoa ny maro manoloana ny hafitsoky ny lolo mpanimba voly. Nohetsehina avokoa ireo fitaovana rehetra, ireo tetikasan'ny ministera amin'ny famatsiana fanafody, fa eo koa ny avy amin' ny BNGRC amin'ny maha voina ilana famonjena ny voly katsaka izay simban'ny chenilles légionnaires eto Madagasikara. Raha izao no mitohy dia ho simban'ity bibikely mpanimba voly ity avokoa ny fambolena katsaka, ary hisy fiantraikany eo amin'ny ara-tsakafo na ho an'ny olombelona na ho an'ny biby fiompy, indrindra hanimba ny sehatry ny fihariana, ary hiafara amin'ny mety ho fanafarana avy any ivelany mihitsy. Raha ho an'ny faritra Bongolava dia ny 40% ny katsaka tany an-toerana no potik'ity olitra ity, ny mponina any rahateo izay anisan'ny lohalaharana amin'ny famokarana katsaka, izany indrindra no anton'ny nisafidianan'ny ministera hanaovana ny lanonana fanombohana ny ady amin'ny olitra mpanimba voly tany an-toerana afak'omaly. Tao Antsapanimahazo Kaominina Tsiroanomandidy Fihaonana no nanaovana ny lanonana, izay notarihin'ny ministry ny fambolena sy fiompiana ary ny jono Ranarivelo Lucien. Hotohizana any amin'ny faritra hafa izany fanamafisana ny ady amin'ny chenilles légionnaires izany avy eo. Fantatra fa velarana tanimboly 5 000 ha ao anatin'ny faritra Bongolava, Itasy, Sofia, Atsimo Andrefana no hoezahina ho fendrahana fanafody ao anatin'ny 20 andro, izay dingana fohy ezaka hataon'ny ministera. Hiroso amin'ny dingana lavitr'ezaka aorian'izay amin'ny faritra rehetra manerana ny Nosy, izay haharitra 80 andro amin'ny velarantany 25 000 ha. Nambaran'ny ministra fa ho maimai -mpoana ny famendrahana fanafody aty amboalohany fa hisy fandraisan'anjaran'ny mpamboly kosa izany aoriana. Amin'ny alina no hanaovan 'ireo teknisianina ny famendrahana ny fanafody raha ny fanazavana hatrany, ny antony, amin'io fotoana io ireo bibikely no tonga eny amin'ny voly, ka mora ny famonoana azy. Raha tsiahivina dia efa 2 taona izay no nahatongavan'ilay lolokely teto Madagasikara, io lolokely io avy eo no manatody any anatin'ny ravinkatsaka, ka rehefa foy iny no lasa olitra izay manimba ny katsaka. Arak'izany ireo lolokely ireo no tena anisan'ny tsy maintsy ho fongorina haingana.

**Serge**

**SARIITATRA :** *Misy ny lisitra kandidà depiote mahitahita*




Fambolena

## Arovana tsy ho simba ny tany any Bongolava

Mitohy ny asa fiarovana ny tany iarahana amin'nyANAE any amin'ny faritra Bongolava, izay tetik'asa tanterahina ao anatin'ny kaominina 7, ao amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy: Kaominina Tsiroanomandidy Fihaonana, Ambatolampy, Ambararatabe, Maritampona, Tsinjoarivo Imanga, Ankadinondry Sakay ary Mahasolo). Ireo kaominina ireo izay nametrahana ny KMT (komity miaro ny tany), izay napetraka isaky ny fokontany ary vao tsy ela no nomen'ny Anae fiofanana. Kaohan'ny riaka ny tany, ka betsaka ny lavaka miforona etsy sy eroa. Fa etsy ankilany dia tsy mamokatra firy intsony ny tany. Ngazana tanteraka izay jerena, ny bozaka hanin'ny biby fiompy aza tsy misy intsony. Izany rehetra izany no antom-pisian'ny tetikasa fitantanana maharitra ny tany amin'ireo kaominina ireo, izay anisan'ny tena lasibatry ny fahapotehana vokatry ny doro tanety sy ny fandripahana hazo tsy ara-drariny. Zanankazo toy ny "Acacia" no novolena tamin'ny taon-dasa sy tamin'ny fiandohan'ny taona amin'ny velarantany 10 ha, tao Andaingohazo Fokontany Ambohibary Ankofay kaominina Fihaonana, tokantrano 800 no mahazo tombontsoa raha toa ka tanety sy tanimbary 150 ha no voaaro amin'ny hatsanga sy ny riaka be mety hanimba ny fambolena. Ankoatran'ny voly hazo dia nasiana lakandrano maromaro ihany koa eny amin'ireo kisilasila mba hiarovana ireo sahandriaka, eo koa ny fanaovana (fascine) eny amin'ireo hady sy lavaka ireny, ka akora eny amin'ny manodidina ihany no hanaovana azy. Ireny lakandrano ireny izay mampihena ny riaka sy ny hatsanga tonga any amin'ny fambolena ary mitahiry ny rano mba hanampy sy hamelona ny loharano, izay efa miha-ritra amin'izao. Novolena akondro rahateo ao anatin'izany noho ity voankazo ity afaka mitahiry rano. Novolena manodidina ny lakandrano ihany koa ny vetiver noho izy manana fahafahana mihazona ny nofon-tany. Toy izany koa ny tao Ambatovary Kaominina Tsinjoarivo Imanga, velarantany 4 ha no nanaovana ny tetik'asa. Ankoatran'ny tombontsoa mivantana amin'ny fiarovana ny tany dia miteraka asa ho an'ny mponina ihany koa ity tetikasan'ny Anae ity ka mahavelombolo ireo tantsaha. Anisan'ny asa goavana miandry ireo KMT, izay antom-pisian'izy ireo rahateo ny fiarovana ireo faritra ireo amin'ny doro tanety sy ny biby fiompy. Izao tetik'asa izao no tanteraka dia teo ny Anae nanome ny tohana rehetra izay novatsian'ny ONUE vola, ny alatsinainy teo izy ireo no nidina ifotony tany amin'ireo toerana ireo nanao tombana ny zava-bita sy nijery ny zava-misy na ny mety ho olana. Ankoatran'ny ekipa avy amin'ny ANAE izay notarihin'ny Tale jeneraliny, Rakotondralambo Andriatahina , niaraka tamin'izy ireo ihany koa ny solontena avy amin'ny ministera , ny solontenan'ny mpamatsy vola, Adamou Bouhari, Responsable du Projet des Fonds pour Environnement eo anivon' ny ONU Environnement. Afapo tamin'ny ezaka vitan'ny mponina sy ny tetik'asa izy ireo ary mamporisika ny olona mba hanohy hatrany ny asa. Nambarany fa azo atao tsara ny manatsara ny tontolo iainana izay efa simba , ny zava-misy eo am-pelatanana no ampiasaina fa tsy voatery hisy volabe na koa hiandry mpamatsy vola ihany akory. Ny tsirairay koa afaka manao toy izao any amin'ny taniny avy. Haingam-pitombo tokoa ireto hazo ireto, ka afaka 2 taona dia hahazo vokatra tsara ny olona.

**Serge**

Fetin'ny mpifankatia

## Hitondra fampianarana ny KPMS-FJKM

Amin'ity anio alakamisy ity no hanatanteraka fa-mpiofanana sy fanentanana ho an'ny rehetra, indrindra fa ny tanora ny Komitim-pirenena miady amin'ny tsimok'aretina Sida na Kpms-Fjkm. Tafiditra indrindra amin'ny fetin'ny mpifankatia ami-n'ity anio ity izy io, ka noho ny tsy fahafantaran'ny maro izany hoe aretina Sida izany, ny voka-dratsiny sy ny fitandremana tokony hatao no votoatin'ny fiofanana sy fanabeazana eny an-toerana. Haharitra roa andro ity fiofanana sy fanabeazana ity, izay hifarana rahampitso Zoma. Eny amin'ny Fjkm Cenhosoa Soavinandriana no hanatanterahana iza-ny isaky ny amin'ny 6 ora hariva. Teny faneva noraisin'ny Kpms- Fjkm ny hoe : « Fa ataoko ahoana no fijery ny loza hanjo ny fireneko », voasoratra ao amin'ny Estera 8 : 6 izy io ary ny hitondra ny fanentanana sy fiofanana amin'izany dia ireo mpikambana eo anivon'ny Kpms- Fjkm tarihan'ny mpandrindra nasionaliny, René Ravoavison.

**Rajo**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**09/02/19 hatramin'ny 16/02/19**

- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **MAHAFALY** (Près Terminus 165 Mahatony Ivandry) 034 10 937 11
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely (près ex cinema Rex) 020 22 547 49

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 874-02-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**« Permis de construire »**

## Mivoha midanadana hatrany ny varavaran'ny CUA

Iniana lotoina sy avoa-ka any anaty Gazety iray mpiseho isan'andro indray, fa nahazo volabe mitentina hatramin' ny 83 miliara fmg na 17 miliara ariary ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) , tamin'ny Opération « Permis de construire » ny taona 2016 ary hambara ao fa tsy fantatra izay tena na-mpiasana izany. Ny mahavariana dia nisy ny famakafakana nataon'ity Gazety iray ity ary te hisarika ny sain'ny mpamaky izy, fa ratsy tantana ny Kaominina . Izay rahateo no tanjona ao anatin'izany famakafakana izany. Mba nisy ary ve ny fanadihadiana teny ifoto-ny (CUA) izay azo anontaniana mazava. Afaka mamaly izay tokony ho fantatra mahakasika io taratasy fahazoan-dalana manorina trano io. Misokatra midanadana hatrany ny varavaran'ny Kaominina na iza izy te hahafantatra izay tiany ho fantatra. Ny sampan' asa miandraikitra io rahateo tsy mbola nanosi-bohotanana mpanao gazety izany hatramin' izay ka hatramin'izao. Tsy sanatria miaro be fahatany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) fa tsy hay kosa ny tsy hiteny raha famahanan-dainga ny mpamaky sy fanaratsiana ny mpitantana ny Tanàna no hamarotana ny Gazety. Dia lafo avokoa àry ve ilay gazety ? Heverina fa tsy ao anatin'ny asa fanaovan-gazety velively ny manaparitaka vaovao tsy marim-pototra raha tena matihanina amin'ny asany ny mpanao gazety. Tsy hivalamparana ny mahakasika izay fa raha manao ny asa amin' ny andraikiny marina , ankitsipo, hampandehanana ny raharahambahoaka ve ny fiadidian'ny Tanànan'Antananarivo dia fahadisoana ary ve izay, fahotana mahafaty ihany koa ary ve no fahitana azy. Adala avokoa àry ve ireo olona nanefa ny adidiny sy nanara-dalàna. Anjaran'ny tsirairay no mamaly izany. Ny ma- rina dia azo jerena ao amin'ny Kaominina ny nampiasainy ilay vola « Opération Permis de Con- struire » tamin'ny taona 2016. Efa nisy ihany koa fampahafantarana mazava ny antony nanaovana izany sy ny nampiasana ny vola azo ta-min'izay. Ny toro-hevitra ho an'ireo milaza fa ma-hay sy manam-pahendrena ireo dia izay hevitra tokony hahasoa sy hitondra mankany amin'ny fampandrosoana no ima- soana. Ilaina ny tsikera raha tena madio fo ilay namoaka ilay hevitra , hanitsiana izay tsy mety. Heverina kosa fa fomba fanao mirefarefa amin'ny tany raha toa ka ny mifanohitra amin'izay.

***Rajaonarimpanontsana***

Sampati Fjkm

## Hamboly hazo eny Ankadiefajoro ny sabotsy izao

Tafiditra ao anatin'ny fikojakojana ny tontolo iainana sy ho tanàna maitso ny faritra samihafa eto Madagasikara, dia mikarakara fambolen-kazo eny Ankadiefajoro Antananarivo Atsimondrano ny Sampati Fjkm, na Sampana Mpanazava sy Tily Fjkm ny sabotsy ho avy izao. Zana-kazo roa arivo fototra no hovolen'izy ireo amin'izany raha ny nambaran' ny tonian'ny Sampati Fjkm, Randriamanantenasolo Jean Jacques mpitandrina tamin'ny mpanao gazety. Manentana ny rehetra tsy ankanavaka, indrindra fa ny zanaky ny Fjkm ny mpikarakara mba hifarimbona amin'izany fambolen-kazo izany. Omena anarana hoe « Ilay tanànanay Sampati » ity toerana hambolena hazo ity raha ny fanazavana hatrany. Karazan-kazo fanao fefy no hovolena amin'izany, ka hanentanany ny rehetra ho tonga hifanampy aminy satria ny fambolen-kazo tsy vitan' irery, ary tsy maintsy ho tohizana hatrany raha ny fanazavany ihany.

***Rajo***

Mandroseza- Ambatoroka

## Potika sy simba ny lalana


Miteraka fimenomenomana ny mpampiasa ny lalana eto an-drenivohitra ny fitohanan'ny fiara etsy sy eroa ary mbola manampy trotraka ihany koa ny faharatsian'ny lalana toy ny eny Mandroseza mahazo an'Ambatoroka , mipaka an'Ambanidia, Nanisana ,sns… Misy mantsy lalana amboarin'ny Ministera eny amin'ireo toerana maro ireo ary efa ho herinandro mahery izao no noloahana ny lalana kanefa tsy niroso tamin'ny fanamboarana ry zareo. Vokany nitombo izay tsy izy ny fitohanan'ny fiara ary dia atsipy any amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra indray ny rihatra entina ilazana fa tsy manao ny asany ny Tanànan'Antananarivo. Dia aoka hazava fa anjaran'ny CUA tokoa ny manatsara ny lalana eto an-drenivohitra, fa tokony homena malalaka ny fiadidiana ny Tanànan'Antananarivo kosa ny bolongam-bola natokan'ny fanjakana ho azy hanamboarana izay simba. Tsy mbola nisy izany hatramin'ny nitantanan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana ny renivohitr'i Madagasikara. Efa nahavelom-bolo koa ny hoe hiara-miasa ny Ministera sy ny Kaominina saingy andrasana izay tena hirosoana amin'izany, mba hisian'ny hoe Antananarivo maha te-honina. Inoana koa mba tsy handairan'ny paipaika politika maloto ny ao ambony ao fa tena hanampy tokoa ny CUA satria efa manao ny ainy tsy ho zavatra ny Ben'ny Tanàna sy ireo mpiara-miasa aminy araka izay tratrany ary azo tsapain-tanana izay fiovana izay . Mbola manentana hatrany foana koa ny fiadidian'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra ny hanajantsika ireny fotodrafitr'asa ireny ary indrindra indrindra hitandro ny fahadiovana mba tsy hanentsina ireo lakan-drano mitondra ny rano maloto, ka hanaraka hatrany ny toro-mariky ny Kaominina .

***Rajaonarimpanontsana***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 270**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0269)

***Mitsivalana***
- Vavahady
- Atody (Miv)
- Nihinana
- Ady – Io
- Nitondra
- AAA
- Ovay – Kiv(y)

***Mitsangana***
- Vinanto
- Adidy
- Vohitra
- Aty
- Hanina
- Kadoa (Miv)
- Ray
- Iraka

### TENY MIFANARAKA N° 270




**Mitsivalana**

**1.** Milalao rano **2.** Iray tampo – Praiminisitra (Miv) **3.** Lavitra ka tsy takatra – Aro moka **4.** Fiandohan'ny andro – Eritreritra **5.** Mando – Tsy ampy sakafo (BR) **6.** Esotra – Naoty (Miv) **7.** Faranteny – Sivy mivadika **8.** Ao amin'ny vata – Nanao fitsidihana **9.** Voankazo – Mamarana ny teninay **10.** Hira – Mitambatra

**Mitsangana**

**A.** Mivelatra be **B.** Tsirin-teny Iharana – Miaro ny zava-manidina **D.** Elakelan-trano sy araba – Haja sy voninahitra (Miv) **E.** Komy – Raiso ka batao **F.** Tsirin-teny Mpanao – Fisotro (Miv) **G.** Tanimboly (Miv) – Tsiron-kanina (Miv) **H.** Mpanoritra – Zava-maniry **I.** Mikoriana ao anaty – Omby (Miv) **J.** Miasa – Fia **K.** Mpiambina

### Valiny Teny mifanaraka 0269

***Mitsivalana***

1 Fokonolona 2. Analamanga 3. Mila - EM 4. Inona - Zo 5. Lita - Maika (Miv) 6. (H)ira - Mora (Miv) 7. Entona (Miv) - RN 8. Ny - Sioka 9. Aia - Ady 10. Alakamisy

***Mitsangana***

A. Famaliana B. Ony - Inri (Miv) D. Kolitao - La (Miv) E. Olana - Tsia F. Na - Kaina (Miv) G. Omenareo H. Lamako - Kam(o) I. Na (Miv) - Mi (Miv) - Ady J. Ngeza - Sy (Miv) K. AA - Omena

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa sy Serge

**Ny CUA nanome fanampiana ireo traboina ao Andravoahangy atsinanana.**






**Ny fanadiovana lakandrano nataon'ny CUA ao amin'ny boriborintany faha 3.**

